

TARATRA

www.taratramada.com

Laharana 2219 • Zoma 17 jona 2011 • Vidiny : 200 Ar - 12 pejy

Manokana

7

ERICK MANANA
SY JENNY

“Efa ela no
nanofisako
ny fiarahana”

► 7



ERICK MANANA SY JENNY

«Efa ela no nanofisako ny fiarahana»

Nanangana ekipa manokana i Erick Manana sy i Jenny, manaraka azy amin'izao fandalovany, eto Madagasikara izao. «Fiarahana manokana ity, ankoatra ilay Erick Manana sy ny gitarany fotsiny», hoy ity mpanakanto ity. Notohizany fa « efa ela no nanofisako ny fiarahana. Te hanao zavatra gasigasy tsara aho hatramin'izay, ka tontosa amin'ity fiarahako amin'i Jenny sy ireo namana mpitendry ireo izany ». Ankoatra an'i Erick Manana eo amin'ny gitara sy ny feo, manampy azy i Jenny (feo, flûte ary violon), Kaolibera (guitare), Nini (guitare, guitare beso), Bariliva (valiha), Solofo Bota (angorodao), Donné (sodina, amponga sy langoroana) ary i Titi (clarinet-

te, saxophone).

Misy ireo hiran'i Erick Manana taloha no nohavaozina ka nataon'ity ekipa ity araka ny fanaovany azy. Anisan' ireny ny «Vakoka», «O Rako-to», «Ilay tany niaviako», «Tambazako», sns. Maro koa ireo hira vaovao, izay horaketina ao anatin'ilay rakikira vao hotontosaina, «2cv-dRandria». Efa iaraha-mahalala ny talenta sy ny fahaizan'ireo mpitendry

manaraka an'i Erick Manana ireo. Nampitolagaga izay efa nahita sy naheno kosa ny fifehezan'i Jenny ny hira sy ny mozika malagasy. Tsy misy diso ary tsy misy kianina na ny fomba fihirany na ny fitendriny. « Na tera-tany alemà aza izy, toa ny misy fanahy malagasy ao anatiny », hoy ny mpijery iray tany Toamasina.

Zo ny Aina

Efa nahavita fampisehoana tany Moramanga, Toamasina ary Antsirabe ry Erick Manana sy Jenny ary ny ekipany. Hamarana ny fandalovana eto Madagasikara izy, mandritra ny seho roa goavana etsy amin'ny Ccesca Antanimena. Hotontosaina ny asabotsy 18 jona, manomboka amin'ny 7 ora hariva ny voalohany. Hatao ny alahady 19 jona, manomboka amin'ny 3 ora tolakandro kosa ny faharoa.



Liana sy mankafy ary mandalina ny mozika malagasy i Jenny.